ANTSO HO FIARAHA-MIDINIKA

Miarahaba antsika namana mpanao gazety tsy ankanavaka.

Samy miaiky isika fa misy ny disadisa ankehitriny ao anatin'ny fianakaviamben'ny asa fanaovan-gazety, taorian'ny fifidianana ireo mpikambana handrafitra ny birao vaovaon'ny Holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara ny 8 novambra 2014 lasa teo. Manoloana izany dia am-panetren-tena no hiantsoako antsika rehetra hiara-hifampidinika hijerena ny marimaritra iraisana.

Andao hanao teny ifampierana isika fa tsy hianona fotsiny amin'ny fifandiran-kevitra any ambadika rehetra any. Samy manan-kevitra isika rehetra, izay tsy misy azo hamaivanina, saingy inoana fa ny hananana Holafitra matanjaka sy hanjakan'ny firaisan-kinan'ny mpanao gazety manerana ny Nosy mba hampiroboroboana ny asantsika no tanjona iombonana.

Andao haroso hifandresena lahatra avokoa ny soson-kevitra isan-karazany. Tsy ho tombontsoan'iza na iza velively izao toe-java-misy izao. Andao haseho eo imason'ny rehetra fa mahay mifampiresaka isika ao anatin'ny fianakaviamben'ny asa fanaovan-gazety.

Araka izany, andao hihaona hanao diniky ny mpianakavy isika mpanao gazety amin'ny **alatsinainy 17 novambra 2014 amin'ny 2 ora eny amin'ny Tranombokim-pirenena Ampefiloha.**

Manantena ny fahatongavantsika manam-paniriana sy finiavana hamarana izao disadisa izao ny tenako.

Misaotra sahady amin'ny famaliana ny antso

Antananarivo, 15 novambra 2014

Fano Rakotondrazaka
(Laharana finday ifaneraserana **: 032 02 112 06)**